

25-05-21

SCA PV

✓  
L  
86



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitoviana - Tanindrazana - Fandresonena



## REPOBLIKA FAHAEFATRA

### FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

#### FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY TAONA 2021

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

### FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-124

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-  
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA NY  
ALATSINAINY 17 MEY 2021 KA HATRAMIN'NY ALAROBIA 2 JONA 2021,  
NOVOLVOLAINA TANY AMIN'NY DINIKY NY FILOHA

Fivoriana Faha-4  
Natao ny  
Talata 18 Mey 2021  
- Maraina -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Talata 18 Mey 2021, tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, manomboka ny Alatsinainy 17 Mey 2021 ka hatramin'ny Alarobia 2 Jona 2021, novolavolaina tany amin'ny Diniky ny Filoha.

Nivory ny Talata 18 Mey 2021, tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Marihana fa natao tamin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra hatrany no nanatontosana izany.

Rehefaavy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky avy hatrany ny famintinana ny fivoriana nataon'ny Diniky ny Filoha ny Alatsinainy 17 Mey 2021, tolak'andro.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, Mpampakateny Jeneraly Lefitry ny Antenimierampirenena, ka toy izao no fivakin'izany:

Nivory ny Alatsinainy faha-17 Mey 2021 nanomboka tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Marihana fa miisa 35 ny Solombavambahoaka nanatrika ny Diniky ny Filoha ary Ramatoa YAMICOLE Franckline no solotenan'ny Governemanta tamin'izany.

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana. Nirary soa ny rehetra izy mba ho lavitry ny aretina ka hanana fahasalamana hatrany.

Talohan'ny nidirana tamin'ny votoatin-draharaha dia nanambara Ramatoa Filoha fa nivoaka androany ny «Décision n°4-HCC/D3 du 17 mai 2021 relative à la Proposition de Résolution n°03-2021/PR portant Règlement Intérieur spécial régissant les modalités d'organisation et de fonctionnement de l'Assemblée Nationale pendant la période de pandémie de Covid-19 et en cas de situation de crise sanitaire similaire» izay manambara amin'ny ankapobeny, fa mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ny Fehin-kevitra izay notapahintsika teto mikasika ny Fitsipika Anaty Manokana mifehy ny Antenimierampirenena mandritra ny fotoanan'ny valan'aretina «Covid-19» sy ireo krizy ara-pahasalamana mitovy aminy.

Midika izany fa afaka miroso ara-dalàna isika amin'ny fotoam-pivoriana ampitain-davitra.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Talata faha-11 Mey tamin'ny 10 ora, maraina.

Naharitra dia nahatritra ny adihevitra taorian'izay mikasika ny mahamaika sy hanaovana «présentielle» na tsia ireo fididianana ny Filoha Lefitra amin'ny anaran'ny Faritanin'i Toamasina sy ny Filoham-baomiera izay banga ny toerany amin'izao fotoana izao.

Rehefa natao ny fididianana dia 20 no nanaiky fa hatao amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra ny fididianana, 2 nitsipaka ary 1 no tsy nilaza ny heviny.

Nolian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alatsinainy faha-17 Mey 2021 ka hatramin'ny Alarobia 2 Jona 2021 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Talata faha-18 Mey 2021 amin'ny 10 ora, maraina, mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

## ORDRE DU JOUR

Pour la période du Lundi 17 Mai 2021 au Mercredi 02 Juin 2021

### LUNDI 17 MAI 2021

**10H 00:** **Réunion des membres du Bureau Permanent.** (Virtuelle)

**15H 00:** **Conférence des Présidents-** (Virtuelle)

### MARDI 18 MAI 2021

**10H 00:** **SEANCE PLENIERE -** (Virtuelle)

**-Adoption de l'ordre du jour**

**MERCREDI 19 MAI 2021**  
**TRAVAUX DES COMMISSIONS - (Virtuelle)**

**09H 00:** **Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)  
**Commission de la Santé Publique** (Saisie pour avis)

Projet de loi n°001/2021 du 03 Février 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie Covid-19, conclu le 22 Octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement en Afrique (BADEA).

Projet de loi n°002/2021 du 17 Février 2021 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement additionnel du projet «Pôles Intégrés de Croissance et Projet SOP-2 (PIC2.2), dans le cadre de la restructuration et du renflouement suite à l'activation des ressources CERC-MRI, conclu le 18 décembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

**09H 00 et15H 00:** **Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique**

Projet de loi n°017/2020 du 18 novembre 2020 relative à la Politique Culturelle Nationale.

**15H 00:** **Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière**

Projet de loi n°004/2021 du 31 Mars 2021 autorisant la ratification de l'accord de coopération dans le domaine de l'aménagement du territoire, signé à Rabat le 04 Avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar.

**SEANCES PLENIERES - (Virtuelle)**

**JEUDI 20 MAI 2021**

**10H 00:** -Projet de loi n°001/2021 du 03 Février 2021 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie COVID-19 , conclu le 22 Octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement en Afrique (BADEA) .

-Projet de loi N°002/2021 du 17 Février 2021 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement additionnel du projet «Pôles Intégrés de Croissance et Projet SOP-2 (PIC2.2)», dans le cadre de la restructuration et du renflouement suite à l'activation des ressources CERC-MRI, conclu le 18 décembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

**15H 00:** Projet de loi n°004/2021 du 31 Mars 2021 autorisant la ratification de l'accord de coopération dans le domaine de l'aménagement du territoire, signé à Rabat le 04 Avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar.

**VENDREDI 21 MAI 2021**

**10H 00** et **15H 00**: Projet de loi n°017/2020 du 18 novembre 2020 relative à la Politique Culturelle Nationale.

**MARDI 25 MAI 2021**

**10H 00**: Election du Vice-président au titre de la province de Toamasina.

**MERCREDI 26 MAI 2021**

**10H 00**: Election du président de la commission chargée de l'examen des demandes de suspensions de la détention, des mesures privatives de liberté ou de la poursuite d'un Député.

**JEUDI 27 MAI 2021****TRAVAUX DES COMMISSIONS - (Virtuelle)**

**09H 00**: **Commission des Ressources Stratégiques.**

- Proposition de Résolution n°001-2021/PR portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar, présentée par le Député Mohamad Ahmad, élu à Fénérive-Est et consorts.

**15H 00: Commission des Postes, des Télécommunications et des Nouvelles Technologies**

- Proposition de Résolution n°002-2021/PR tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en Télécommunications, présentée par le Député ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy et consorts.

**VENDREDI 28 MAI 2021****TRAVAUX DES COMMISSIONS - (Virtuelle)**

**09H 00 et 15H 00: Commission Juridique (Saisie au fond)**

**Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation (Saisie pour avis)**

**Commission des Affaires Etrangères (Saisie pour avis)**

**Commission de la Sécurité Publique (Saisie pour avis)**

- Proposition de loi n°001-2021/PL relative à la Nationalité Malagasy, présentée par le Député FIAROVANA Lovanirina Célestin, élu à Betafo et consorts.

**SEANCES PLENIERES - (Virtuelle)**  
**LUNDI 31 MAI 2021**

**10H 00**:- Proposition de Résolution n° 001-2021/PR portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar, présentée par le Député Mohamad Ahmad, élu à Fénérive-Est et consorts.

**15H 00**:- Proposition de Résolution n°002-2021/PR tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en Télécommunications présentée par le Député ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy et consorts.

**MARDI 01 JUIN 2021**

**09H 00** et **15H 00**: Proposition de Loi n°001-2021/PL relative à la Nationalité Malagasy, présentée par le Député FIAROVANA Lovanirina Célestin, élu à Betafo et consorts.

**MERCREDI 02 JUIN 2021**

**10H 00** : Réunion des membres du Bureau Permanent (Virtuelle)

Tsy nisy Solombavambahoaka nanao fanamarihana momba ny tatitra rehefa nomena fitenenana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha.

Ireto avy ireo Solobavambahoaka nifandimby nandray fitenenana;  
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- MAMIHAJA Charlot
- RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
- RANDRIANASOLO Augustin
- RAZAKANADRAINY Henri Dominique
- PEPIN Michou
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- TSABOTOKAY Honoré
- ANDRIATAHINANOMENJAHARY Felicien
- RAMAHANDRISOA Edu Edmond
- HENRI Jean Michel
- RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
- SATRA Augustin
- RAFIDIMANANA Narson
- SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph
- RAJAobelina Lova Herizo
- VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
- ANDRIANJAHARY Fanomezantsoa
- RATSIRAKA Iarovana Roland
- RAHELIARIJAONA Régina Clarisse
- RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- VELOMAHAZO Patrice
- EDIZARD

- RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
- VONINAHITSY Jean Eugène
- FIARAVONA Lovanirina Celestin
- VOLAHAINGO Marie Thérèse
- TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or
- DARKHAOUI Siritis
- RASOLOMANANA Beby Olivier
- RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien
- ANDRIANAMBINANA Djohary Lee

Marihana fa tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka, tsy nilahatra araka ireo anarana eo ambony izany satria notsongaina ny zavatra tena nisongadina tamin'ny teny nambaran'izy ireo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MAMIHAJA Charlot, nambarany fa raha ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, fifidianana miafina no atao rehefa mifidy olona ho mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, Vaomiera Maharitra na izay ho solotena any amin'ny Andrimpanjakana. Noho izany, tokony hatao mivantana izany fa tsy amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra.

Nanamafy izany Andriamatoa isany RALAMBOMANANA Fenoherintsoa sy RANDRIANASOLO Augustin, fa tokony hatao mivantana ny fifidianana araka ny efa tapaka tamin'ny fivoriana teo aloha. Ny olana raha hatao "virtuelle" ny fifidianana, raha tapaka ny "connexion", mety handiso ny valim-pifidianana izany.

Tetsy andaniny, maromaro tamin'ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana no nilaza, fa tsara raha atao mivantana ny fifidianana. Izany hoe, atao amin'ny alalan'ny fivoriambe azon'ny besinimaro atrehina. Anisan'izany ireto Solombavambahoaka manaraka ireto: Andriamatoa isany, RAZAKANADRAINY Henri Dominique, PEPIN Michou, RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien, RAFIDIMANANA Narson.

Ny antony tokony hanaovana izany dia araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena. Fanampin'izany, efa tapaka tamin'ny fivoriana teo aloha ihany koa izay mba hialana amin'ny ahiahy.

Teo ankilany kosa, maro ny Solombavambahoaka no nanambara, fa tokony hatao amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra ny fifidianana izay ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toamasina satria iaraha-mahita ny zava-misy ankehitriny. Izany hoe, hialana amin'ny fiparitahan'ny valan'aretina "covid-19" satria tsapa fa mbola mihanaka izany amin'izao fotoana izao.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka nankasitraka ny hanaovana ny fifidianana amin'ny alalan'ny "visio conférence": Andriamatoa isany, TSABOTOKAY Honoré, RAMAHANDRISOA Edu Edmond, HENRI Jean Michel, RAMAMONJSOA RAKOTONIRINA Jhon Whary, SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph, RAJAobelina Lova Herizo, TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or, RASOLOMANANA Beby Olivier, RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien, VELOMAHAZO Patrice ary Andriamatoa EDIZARD.

Ramatoa isany, RAHELIARIJAONA Régina Clarisse, RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, VOAhanginirinazafimandimby Marie Laurette.

Nanamarika Ramatoa RAHELIARIJAONA Régina Clarisse, fa eo anatrehan'ny fision'izao valan'aretina izao, miovaova ny zava-mitranga, koa tokony mba hiova hevitra ireo milaza fa aleo mivory mivantana. Tsy mankasitraka izany ny tenany, hoy izy, satria toy ny olona tsy manan-tsaina izay mizirizy amin'ny heviny. Ny fanampiana ny fanjakana hiadiana amin'ny "coronavirus" aza no tokony hataon'ny Solombavambahoaka.

Ny fanohizana ny fivoriana amin'ny alalan'ny "visio conférence" no namaranany ny teniny.

Nitondra fanamarihana kosa Andriamatoa SATRA Augustin, fa tokony hatao laharam-pahamehana ny fanaovana vaksiny ny Solombavambahoaka ary eto Antananarivo no hisoratana anarana amin'izany. Notsipihany koa fa tsy mety raha ahemotra ny fifidianana izay ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toamasina sy izay ho Filohan'ny Vaomiera araka ny voalaza tao amin'ny Diniky ny Filoha. Aleo hifanatrika mivantana amin'ny fanaovana ireo fifidianana ireo.

Andriamatoa FIARAVONA Lovanirina Celestin indray raha nandray fitenenana dia nitondra fanazavana mikasika ny vaksiny, ka toy izao izany: efa nipetraka ny laharam-pahamehan'ny fitondram-panjakana fa ny mpitsabo, ny mpitandrofilaminana ary ny olona marefo. Noho izany, rariny raha aorian'ireo ny Solombavambahoaka vao hatao vaksiny. Isaorana ny Filohampirenena fa afaka nandinika tsara ny momba ny lafitsarany sy ny lafiratsiny.

Ny "covishield" dia vaksiny bilojika ary anisan'ny tsara ny hanaovana azy. Ny "astrazeneca" kosa miaro hatrany amin'ny 62% amin'io valan'aretina io raha ampitahaina amin'ny "pfizer". Raha atao vaksiny amin'ny "covishield" kosa, voaaro any amin'ny 95% sady tsy ho tonga amin'ny "forme grave" mihitsy. Rehefa vita ny fanaovana vaksiny, misy ihany koa ny "rappel" atao 2 volana any aoriana. Azo tahirizina amin'ny vata fampangatsiahana amin'ny maripana 2°C ka hatramin'ny 8°C ihany koa io vaksiny io. Mifanaraka tsara amin'ny zava-misy eto amintsika ny fitahirizana azy.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or, nanambara fa misaotra an'Andriamanitra fa sitrana tamin'ny aretina nahazo azy satria voan'ny "coronavirus" izy teo aloha ary mbola mampiasa "oxygène" hatramin'izao.

Momba ny vaksiny kosa, nambarany fa miabo ny lalana izoran'ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao. Ilaina ny mandalina tsara mikasika ny vaksiny satria aim-bahoaka no jerena amin'ny fanaovana izany. Tsapa fa matotra ny fanapahan-kevitra noraisin'ny fanjakana amin'ny fanatanterahana ny vaksiny izany.

Niangaviany ny Solombavambahoaka rehetra mba hanaiky ny fanatontosana ny fivoriana amin'ny alalan'ny "visio conférence" satria ratsy ny fiantraikan'ny aretina raha sanatria ka azon'izany.

Ramatoa VOAhanginirinazafimandimby Marie Laurette indray nanambara, fa tsy mankasitraka ny fihaonana mivantana satria vao avy voan'ny "coronavirus" ny tenany ka tsy mety aminy izany. Nomarihany koa fa tsy misy aina amidy eny an-tsena, ka aleo mitandrina.

Izany hoe, tanterahana amin'ny alalan'ny "visio conférence" ny fivoriana rehetra; na ny fifidianana izany na ny fivoriana handinihana volavolan-dalàna sy tolo-dalàna.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, nanambara fa tsy mety raha mangina manoloana ny zava-misy ankehitriny.

Niarahaba ny Solombavambahoaka izay nandalovan'ny aretina "covid-19" ny tenany tamin'ny nahazoan'izy ireo fahasalamana. Nomarihany, fa ratsy tokoa ny fitrangan'ity aretina ity amin'izao fotoana izao.

Nambarany koa fa nisy ireo Solombavambahoaka nitaky ny fihaonana mivantana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta amin'ny lahadinika manaraka. Marihana, hoy izy, fa zava-doza mihitsy ity aretina ity, olombelona mandehandeha no mitondra sy mamindra azy. Koa ho fiarovana ny tsirairay sy ny Faritra misy antsika aleo mitandrina satria raha handeha aty Antananarivo ny Solombavambahoaka iray; tsy izy irery no hiakatra eto, fa farafahakeliny olona roa; angamba hitranga ny hoe olona "porteur sain" amin'izay fotoana izay. Rehefa miverina any amintsika isika, mety hitondra, sanatria, ny valan'aretina, eny na ankajo fotsiny aza dia mampifindra izany. Isaorana Andriamanitra, fa amin'izao fotoana izao, misy Faritra mbola "zéro cas". Izany hoe, aleo manao fivoriana ampitain-davitra manoloana ny fisian'izao valan'aretina izao. Satrin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta aza mihaona mivantana saingy tsy afa-manoatra isika rehetra. Raha ny fihaonana mivantana, matetika maharitra izany kanefa mhiboka ao anaty efitrano iray isika. Tsy mety izay satria sao ho ringana eo isika mianakavy. Fanampin'izay, efa fomba fiasa maneran-tany ny resaka "virtuelle" amin'izao hamehana ara-pahasalamana izao.

Andriamatoa RATSIRAKA Iarovana Roland, kosa raha nomena fitenenana, nanambara fa malahelo noho ny tsy fahitana ny momba ny resaka valan'aretina ao anaty lahadinika. Nambarany fa tokony hisy fotoana handinihana izany. Notsindriany koa fa matahotra manao vaksiny isika; nisy ny fanafarana izany vao fotoana fohy izay kanefa ny vaksiny afaran'ny fitondrana ihany no tsikeraINY; ohatra: ny "astrazeneca". Nanontaniany koa Ramatoa Filoha hoe, rahoviana ny Antenimierampirenena vao hanao vaksiny. Raha ny tenany manokana, nolazainy fa hanao vaksiny "astrazeneca" any Toamasina izy. Manam-paniriana hampiseho amin'ny vahoaka izy fa tsy maninona ny fanaovana vaksiny ary anjaran'ny fanjakana no milaza amin'ny vahoaka fa matoa nafarana ny vaksiny dia afaka miaro amin'ny valan'aretina.

Rehefa nomena fitenenana, Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, nilaza fa efa nolaniara teo anivon'ny Birao Maharitra sy ny Diniky ny Filoha ny lahadiniky ny Antenimierampirenena ary izao entina eto amin'ny fivoriambe izao. Marihana fa atao isaky ny 15 andro ny famolavolana ny fandaharam-potoana, ka ho an'ireo izay faly mitsikera, te-hibaiko an-dRamatoa Filoha, mandefa solotena any amin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly ianareo milaza izay hetahetanareo dia ho hita eo izay tohiny.

Momba ny resaka Distrika, tokony handray anjara amin'ny fampandrosoana isika sady afaka manampy ny vahoaka amin'izao zava-miseho izao. Azontsika atao koa ny miantso mivantana ny Minisitra tomponandraikitra satria raha araka ny lalàna, anjaran'ny Solombavambahoaka no manara-maso ny asan'ny Governemanta ankoatra ny asa fanaovan-dalàna ataony.

Tsy rehefa mihaona tahaka izao vao hanilika andraikitra amin'ny hafa satria ireo voalaza ireo no tokony hataon'ny Solombavambahoaka ary tomponandraikitra eo antrehan'ny vahoaka Malagasy isika. Azo atao ny miresaka amin'ny Minisitra rehefa mihaona amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta isika, fa tsy tokony hifanome tsiny eto.

Marihana ihany koa fa saika nitambaran'ny Solombavambahoaka rehetra ny handaniana ny volavola-pandaharam-potoana. Teo ihany koa ny resaka tsy fahazoana "connexion".

Rehefa izany, nomena fitenenana ny teknisiana mba hitondra fanazavana mikasika ny fomba hanatanterahana ny fifidianana amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra satria anisan'ny olana nivoitra tamin'ny fandraisam-pitenenana izany.

Toy izao ny fanazavana nentin'Andriamatoa Tale Misahana ny Informatika eto anivon'ny Antenimierampirenena. Misy fepetra vitsivitsy mba hampizotra ny fifidianana ao anaty mangarahara. Voalohany, tokony hisy aloha olona hofidina.

Faharoa, misy fomba ahafantarana fa Solombavambahoaka tokoa no mifidy. Izany hoe, miseho ny anarany sy ny laharany ary ny Distrika nahavoafidy azy satria izay olona tsy manaraka an'izay dia hotsoahana tao anaty lisitra ny anarany.

Fahatelo, misy ny atao hoe "petite salle" mba ahafahana mifantina sy ahafantarana ny olona afaka mifidy satria tsy voatery ho Solombavambahoaka daholo no manatrika ny fivoriana. Izany hoe, mialohan'ny fifidianana, tsoahana ao anaty "salle de vote" ny olona tsy afaka mifidy.

Fahaefatra, misy ireo olona tsy maintsy manaraka ny fifidianana, ohatra, ny Sampandrahaharan'ny Fitanana An-tsoratra, ny teknisiana ao amin'ny efitrano fivoriana.

Ireo no fepetra hampandeha ara-dalàna ny fifidianana hataon'ny Solombavambahoaka. Marihana fa afaka manao fanandramana isika aorian'ny fivoriana avy eo raha mety amintsika.

Mbola nisy Solombavambahoaka nanangan-tànana ka nomena fitenenana.

Andriamatoa ANDRIANJANAHAARY Fanomezantsoa nilaza fa mba tsy hanahirana ny Solombavambahoaka hifidy, maninona raha atao tokana ny kandida hofidiana ho amin'ny toeran'ny Filoha Lefitra avy any Toamasina.

Nanentana ny Solombavambahoaka namany handany ny volavolam-pandaharam-potoana kosa Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph raha nomena fitenenana satria efa mazava hoy izy ny fanazavana nataon'ny tomponandraikitra teo momba ny fifidianana hatao.

Nanamafy amin'ny tokony hanaovana fanandramana mikasika ny fifidianana miafina amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra kosa Andriamatoa ANDRIANAMBINANA Djohary Lee raha nandray fitenenana.

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa Tale Misahana ny Informatika eto anivon'ny Antenimierampirenena satria mbola nisy Solombavambahoaka nangataka ny hitondrany fanazavana misimisy kokoa.

Mikasika ny fifidianana, rehefa tafiditra ao amin'ny fivoriana ny Solombavambahoaka iray dia mahazo "fenêtre" izy ka afaka mifidy araka ny fanazavana teo aloha.

Azontsika atao ny manao fanandramana aorian'ny fivoriana mba hampazava azy tsara.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa nisy hevitra roa niposaka nandritra ny fivoriana natao androany, ka handraisana fanapahan-kevitra izany.

Andaniny, nisy Solombavambahoaka nilaza, fa tokony hatao mivantana ny fifidianana. Izany hoe, amin'ny alalan'ny fivoriana azon'ny besimimaro atrehina.

Ankilany, tao koa ireo nanambara fa hatao amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 49 no nanaiky fa hatao amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra ny fifidianana, Solombavambahoaka miisa 6 no nilaza fa hatao mivantana ny fivoriana, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny hanaovana "vote électronique virtuel".

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisan fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 54 no nandany, Solombavambahoaka miisa 7 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny ny Alatsinainy 17 Mey 2021 ka hatramin'ny Alarobia 2 Jona 2021.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, fisaorana ny Solombavambahoaka no nataon'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelox, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, satria zava-dehibe no niarahana nivory teto.

Firarian-tsoa ho an'ny rehetra samy hotahian'Andriamanitra sady ho lavitry ny «coronavirus» no namaranany ny teniny.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, fa hisy ny asam-baomiera handinhana ireto volavolan-dalàna ireto:

- Laharana-001/2021 tamin'ny 3 Febroary 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de réponse urgente pour affronter la pandémie Covid-19, conclu le 22 Octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement en Afrique (BADEA)».

- Laharana faha-002/2021 tamin'ny 17 Febroary 2021 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement additionnel du projet Pôles Intégrés de Croissance et Projet SOP-2 (PIC2.2), dans le cadre de la restructuration et du renflouement suite à l'activation des ressources CERC-MRI, conclu le 18 décembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

- Laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 «relative à la Politique Culturelle Nationale».

- Laharana faha-004/2021 tamin'ny 31 Martsa 2021 «autorisant la ratification de l'accord de coopération dans le domaine de l'aménagement du territoire, signé à Rabat le 04 Avril 2006, entre le Royaume du Maroc et la République de Madagascar».

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba hanatrika ny fivoriana tanterahana amin'ny alalan'ny «visio conférence» izay hitondrana fanatsarana no namaranan-dRamatoa Filoha ny fitenenany.

Niato tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

